# 365 Tantara 33. Ilay renibe sy ny zanakalahin'i pasitera!



# 33. Ilay renibe sy ny zanakalahin'i pasitera!

Tantara tena mahafinaritra ity! Isaky ny alahady hariva, ilay pasitera sy ny zanany lahy 11 taona dia mivoaka ny tanàna mba hizara taratasy mitory ny filazan-tsara. Ririnina anefa ny andro , ary tamin'izay, dia tena nangatsiaka sy nanorana be! Efa vita akanjo Ilay zaza dia niteny tamin'ny rainy hoe:  - Dada â, vonona aho! Dia nanotany azy ny rainy:

- Vonona hanao inona anaka ? Dada â, efa fotoana hanangonana ny taratasy sy hivoahana izao.  Namaly azy ny rainy nanao hoe: Rémy â, avy ny orana ary tena mangatsiaka be any ivelany any!  Gaga ny rainy raha mbola nanontany ilay zananilahy hoe: Dada â, ny olona angaha tsy mankany amin'ny afobe rehefa avy ny orana?

Namaly ny rainy hoe:  Ny toetrandro tsy hahafahana manao izany.

Dia nanontany indray izy hoe: Dada â, afaka mandeha irery ve aho?

Nieritreritra kely ny rainy, dia nanao hoe: -Eny ary, afaka mandeha ia-nao! Ireto ny taratasy, fa mitandrema tsara.  - Misaotra Dada â!Nivoa-ka tamin'ny orana i Rémy dia nandeha teny an-dàlana nitsidika ny isam-baravarana nizara ny taratasy hoan'ireo izay rehetra hitany!

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Rehefa avy nandeha nandritra ny adiny 2 amin'ny orana mikija izy dia hotsaka tanteraka, ary taratsy iray sisa no tavela teny aminy. Dia nijanona teo amin'ny kihon-dalana izy, nitady izay omena ity taratsy farany ity, ny arabe anefa dia tena tsy nisy olona. Nitodika tany amin'ny trano voalohany izay hitany izy dia nampanenony ny kiririna. Nampanenony, ka nampanenony, fa tsy nisy namaly. Mbola nontsindriny indray, fa tsy nisy olona. Tsy nisy namaly. Farany, tapakevitra ny handeha izy, nefa toa nisy zavatra nanakana azy. Mbola nitodika tany amin'ny varavarana indray izy dia nampaneno ny kiririna ary nandondona mafy. Tampoka teo, naheno zavatra mihetsika izy ery ambony eo amin' ny lavarangana. Nampanenony indray ny kiririna, dia naveriny nampanenoana ihany, farany dia nisokatra moramora ny varavarana... Vavy antitra no nijoro teo am-baravarana amin'ny fijery feno alahelo. Nanontany moramora izy hoe: - Inona no azoko atao anao, ry zanako?

Amin'ny maso sy tsiky miramirana feno fahazavana no nitenenany hoe: - Azafady Tompoko raha manelingelina anao aho. Fa tia hiteny aminao fotsiny aho hoe: tena tia anao Jesosy!



Dia tonga aho hanome anao ity taratasy farany ity izay hilaza aminao ny zavatra rehetra momba an'i Jesosy ary ny fitiavany tena lehibe izay homeny anao. Dia natolony azy ilay taratasy farany.  Efa nitodika izy handeha, no nantsoin'ilay ramatoa , ary nolazainy hoe: - misaotra anaka, hizotra tsara anie ny andronao anio! Ny alahady manaraka an'iny, tao am-piangonana, pasitera rain'ilay zazalahy kely, nanontany hoe: Misy tia hijoro ho vavolom-belona ve na manana zavatra ambara?

Vavy antitra iray teny amin'ny laharana farany, nitsangana moramora no nitantara ny zavatra niainany, amin'ny fijery mazava sy mirana:

tsy misy mahafantatra ahy ato amin'ity fiangonana ity. Ary tsy mbola niditra tato mihitsy aho. Tamin'ny Alahady lasa teo aho, dia mbola tsy kristianina. Maty ny vadiko volana vitsivitsy izay, namela ahy irery amin'izao fiainana izao. Ny fahanginana dia mahatonga ahy tena malahelo. Tamin'ny alahady lasa teo, sady nanorana no tena nangatsiakabe.Tena leo aho, ary nanapaka hevitra ny hamono tena , tsy nanana fanantenana intsony, tsy nanana finiavana hiaina intsony, hany ka nalaiko ny tady sy ny seza , nafatotro tamin'ny sakamandimby amin' ny tafo ny tady, niakatra teo @ seza aho,



Ary ny tady nanodidina ny tendako. Nijoro teo ambonin' io seza io aho, nahatsiaro tena irery, tena vaky ny foko! Efa vonona ny hitsambikina aho, kanjo naneno tampoka ny kiririna ka nampitsamboatra ahy. Dia niandry minitra iray aho, nanantena fa ho lasa ilay nampaneno ny kiririna. Niandry nandritra ny fotoana lava aho, fa naneno foana ny kiririna, ary ilay olona nanomboka nandondona mafy. Iza ary izany? hoy aho. Tsy mbola nisy mihitsy, olona nandondona ny varavarako na namangy ahy! Nesoriko ny tady teo amin'ny tendako ary nankeo ambaravarana aho, teo dia vao maika nihamafy hatrany ny kiririna! Rehefa novohaiko ny varavarana, dia iza no hitako teo... tena tsy nino aho, zazalahy miramirana nitsangana teo an-tokonana ary ny tsikiny, tsy nisy toy izany. Mitovy amin'ny anjely! Tsy mbola nahita toy izany aho teo amin'ny fiainako. Fa raha ny fitsikiny, tsy hitako mihitsy izay hilazana azy aminareo. Ny teny izay naloaky ny vavany dia nanome fanantenana ny foko izay efa maty! Nikiaka tamin'ny feon'anjely izy hoe:

Ramatoa o, tonga eto aho hilaza aminao fa tena TIA ANAO JESOSY!

Nomeny ahy ity taratasy mitory ny filazantsara izay ity an-tànako ity.



Ary, nanjavona tany anatin'ny hatsiaka sy ny orana ilay anjelikely, nidiko ny varavarana ary nanomboka namaky ny teny tsirairay tao amin'ilay taratasy aho. Niakatra tany amin'ny fara-tampony aho haka ny tadiko sy ny sezako  izay tsy ilaiko intsony. Anio aho dia olom-baovao sambatra, an'ny Mpanjakan'ny Mpanjaka! Satria ny adiresin'ny fiangonanareo ity teo amin'ilay taratasy ity, dia tonga eto ny tenako hisaotra manokana an'ilay anjelin'Andriamanitra! Tsy namela ny fanahiko ho any amin'ny fahaverezana mandrakizay izy!

Nitehaka ny tao am-piangonana. Ary ny hira fiderana sy fano-mezam-boninahitra ny Mpanjakan'ny Mpanjaka dia nanakoako eran'ny trano fiangonana.

Nidina ny pilipitra pasitera ary nankeo amin'ny dabilio teo ano-loana, izay nipetrahan'ilay anjelikely. Notrotroiny ny zanany ary nitomany tsy azo nampanginina izy. Ny fiangonana dia nandia Alahady feno voninahitra. Tsy mbola nisy ray feno fitiavana sy doka ho an'ny zanany toy izany... Andriamanitra Ray, dia namela koa an'i Jesosy Kristy zanany, handeha amin'ny tontolo mangatsiaka sady mankahala Azy,



tonga mba hamonjy ny zava-boariny izay mpikomy.
Ary rehefa niverina, avy nitsangana tamin'ny maty Izy dia noraisin'i Rainy amin-kafaliana izay sarotra tantaraina. Ianao izay mihaino ahy... moa fantatrao fa tonga ho anao koa Izy! mba hamonjy anao amin'ny fiainanao mahantra sy mampalahelo. Tia anao Jesosy ary tia hamonjy anao!
Manaiky azy ve ianao? Ataovy miaraka amiko izao vavaka izao: "Jesosy Tompo ô, mamelà ny heloko. Fantatro fa mpanota aho, ary be ny zavatra ratsy ataoko; mangataka famelana Aminao aho, satria fantatro fa maty ho ahy Ianao, teo amin'ny hazo fijaliana, nisolo ahy, mba hamela sy hanavotra .
Ekeko ho Tompoko sy Mpamonjiko Ianao! Mitoera ato amiko, hovay ny fiainako, tia hanaraka Anao aho!
Misaotra Jesosy Tompo!"AMEN!